

PERIKOPA ALAHADY 18 Oktobra 2026
(Péricope du Dimanche 18 Octobre 2026)

Salamo / Psaume 96
Isaia / Esaïe 45 : 1 ; 4 - 6
1 Tesaloniana / 1 Thessaloniens 1 : 1 - 5
Matio / Matthieu 22 : 15 – 21

« Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo
rehetra ka manonona anareo amin'ny fivavahanay. »
1 Tesaloniana 1.2

« Sans cesse, nous remercions Dieu pour vous
tous et nous disons vos noms dans nos prières. »
1 Thessaloniens 1.2

SALAMO 96 (MRV)

1 Mihirà fihiram-baovao ho an'NY TOMPO ! Mihirà ho an'NY TOMPO, ry tany rehetra !
2 Mihirà ho an'NY TOMPO, misaora ny anarany, ambarao isanandro isanandro ny vaovao mahafalin'ny famonjeny !
3 Ambarao any amin'ny Jentilisa ny voninahiny ary any amin'ny firenena rehetra ny fahagagana ataony !
4 Fa lehibe NY TOMPO ka mendrika hoderaina indrindra sady mahatahotra, mihoatra noho ny andriamanitra rehetra.
5 Ny andriamanitry ny firenena dia tsinontsinona, fa NY TOMPO no nanao ny lanitra.
6 Famirapiratana sy voninahitra no eo anatrehany, hery sy fahatsaran-tarehy no ao amin'ny fitoerany masina.
7 Ry firenena, omeo NY TOMPO; eny, omeo voninahitra sy hery NY TOMPO !
8 Omeo NY TOMPO ny voninahitry ny anarany ! Manolara fanatitra ka mankansa eo an-kianjany !
9 Miankohofa eo anatrehan'NY TOMPO amin'ny fihaingoana masina; mangovita eo anatrehany, ry tany rehetra !
10 Lazao any amin'ny Jentilisa fa NY TOMPO no Mpanjaka ary izao rehetra izao dia mitoetra tsara ka tsy hihetsika.
Hitsara ny firenena amin'ny fahamarinana Izy.
11 Aoka hifaly ny lanitra ary hiravoravo ny tany ! Aoka hirohondrohona ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy
12 Aoka hiravoravo ny saha sy izay rehetra eo aminy; dia hihoby amin'izay ny hazo rehetra any an'ala
13 eo anatrehan'NY TOMPO fa avy Izy; eny, avy hitsara ny tany Izy. Hitsara izao tontolo izao araka ny rariny Izy ary ny
firenena amin'ny fahamarinany.

PSAUME 96 (PDV)

1 Chantez au Seigneur un chant nouveau, chantez pour le Seigneur, tous les habitants du monde !
2 Chantez pour le Seigneur, remerciez-le d'être votre Dieu ! Jour après jour, annoncez : Dieu nous sauve !
3 Racontez sa gloire à tous les peuples, ses actions magnifiques dans le monde entier.
4 Oui, le Seigneur est grand, il mérite des louanges, il est plus terrible que tous les dieux.
5 Les dieux des autres peuples ne valent rien, mais le Seigneur a fait le ciel.
6 Son visage brille de lumière et de beauté, sa puissance et sa beauté remplissent son temple.
7 Peuples de la terre, reconnaissez la gloire et la puissance du Seigneur,
8 reconnaissez combien son nom est glorieux ! Apportez vos offrandes, entrez dans les cours de son temple.
9 Le Seigneur est saint ! Quand il se montre, mettez-vous à genoux devant lui. Tremblez devant lui, tous les habitants du monde !
10 Dites à tous les peuples : « Le Seigneur est roi. Oui, le monde tient solidement, il ne risque pas de tomber. Le Seigneur ne fait pas de différence entre les peuples. »
11 Que le ciel se réjouisse, que la terre danse de joie, que la mer rugisse avec toutes ses richesses !
12 Que les champs soient en fête avec tout ce qui s'y trouve ! Que tous les arbres de la forêt crient de joie
13 devant le Seigneur, car il vient ! Oui, il vient pour juger la terre. Il jugera le monde avec justice, il jugera les peuples selon la vérité.

ISAIA 45 : 1 ; 4 - 6 (MRV)

1 Izao no lazain'NY TOMPO amin'ny Voahosony, dia i Kiroso izay notantanako tamin'ny tanany havanana mba
handreseko firenena eo anoloany sy hamahako ny fehikibon'ny mpanjaka, mba hamohako varavarana eo anoloany ka
tsy hirindrana intsony ny vavahady:
4 Noho ny amin'i Jakoba mpanompoko sy Israely voafidiko no niantsoako anao tamin'ny anaranao sy nanomezako
anarana malaza ho anao, na dia tsy nahafantatra Ahy aza ianao.

5 Izaho no TOMPO fa tsy misy hafa. Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho; efa nampisikina anao Aho, kanefa tsy nahafantatra Ahy ianao,
6 mba hahafantarana hatrany amin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatrany amin'ny filentehany fa tsy misy afa-tsy Izaho : Izaho no TOMPO ary tsy misy hafa,

ESAÏE 45 : 1 ; 4 - 6 (PDV)

1 Le Seigneur dit à Cyrus, le roi qu'il a consacré : « Je t'ai pris par la main pour mettre les peuples sous ton pouvoir. Je veux enlever leur pouvoir aux rois, et ouvrir devant toi les portes fermées des villes.

4 À cause d'Israël, mon peuple, le serviteur que j'ai choisi, je t'ai appelé par ton nom. Je te fais cet honneur, et pourtant, tu ne me connais pas.

5 Le Seigneur, c'est moi, et il n'y en a pas d'autre. Il n'y a pas de Dieu en dehors de moi. Tu ne me connais pas, mais je te donne la force d'agir.

6 Ainsi, de l'est à l'ouest, tout le monde le saura : il n'y a rien en dehors de moi. Le Seigneur, c'est moi, il n'y en a pas d'autre.

1 TESALONIANIA 1 : 1 - 5 (MRV)

1 I Paoly sy i Silasy ary i Timoty no mamangy ny fiangonan'ny Tesaloniana, izay ao amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo: Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana !

2 Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra ka manonona anareo amin'ny fivavahanay

3 sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin'ny finoana sy ny fikelezanareo aina amin'ny fitiavana ary ny faharetanareo amin'ny fanantenana an'i Jesosy Kristy Tompontsika eo imason'Andriamanitra Raintsika.

4 Fantatray, ry rahalahy malalan'Andriamanitra, ny fifidianana anareo,

5 fa tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny ihany ny Filazantsara torinay fa tamin'ny hery koa sy ny Fanahy Masina ary ny fahatokiana be. Efa fantatrareo rahateo ny fitondrantenanay teo aminareo mikasika anareo.

1 THESSALONICIENS 1 : 1 - 5 (PDV)

1 Moi, Paul, avec Silas et Timothée, j'écris à l'Église de Thessalonique qui appartient à Dieu le Père et au Seigneur Jésus-Christ. Que Dieu vous bénisse et vous donne la paix !

2 Sans cesse, nous remercions Dieu pour vous tous et nous disons vos noms dans nos prières.

3 Devant Dieu notre Père, nous nous souvenons toujours de vous. Oui, votre foi est active, votre amour vous fait agir, et votre espérance en notre Seigneur Jésus-Christ est solide.

4 Frères et sœurs chrétiens, nous le savons, Dieu vous aime et il vous a choisis pour être à lui.

5 En effet, la Bonne Nouvelle que nous vous avons annoncée n'est pas arrivée chez vous seulement en paroles, mais aussi avec la puissance et l'aide de l'Esprit Saint. De plus, nous étions sûrs de ce que nous disions. En effet, vous savez comment nous avons vécu parmi vous pour votre bien.

MATIO 22 : 15 – 21 (MRV)

Ny hetra ho an'i Kaisara

15 Ary tamin'izay dia lasa ny Fariseo ka nikaon-doha mba hamandrika Azy amin'ny teniny.

16 Koa naniraka ny mpianany mbamin'ny Herodiana hankeo aminy izy ireo ka niteny hoe : Mpampianatra ô, fantatray fa marina ianao ka mampianatra marina ny lalànan'Andriamanitra ary tsy miahiahy olona satria tsy mba mizaha tavan'olona ianao.

17 Koa lazao aminay ary izay hevitrao: Moa mety va ny mandoa vola hetra ho an'i Kaisara sa tsia ?

18 Fa Jesosy nahalala ny faharatsiany ka hoy Izy: Nahoana no maka fanahy Ahy ianareo, ry mpihatsaravelatsihy ?

19 Asehoy Ahy ny vola fandoa amin'ny hetra. Dia nitondrany denaria iray Izy.

20 Dia hoy Jesosy taminy: An'iza ity sary sy soratra ity ?

21 Hoy ireo Taminy : An'i Kaisara. Dia hoy Jesosy taminy : Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra.

MATTHIEU 22 : 15 – 21 (PDV)

Est-il permis de payer l'impôt à l'empereur ?

15 Alors les Pharisiens se réunissent. Ils cherchent comment prendre Jésus au piège en le faisant parler.

16 Ils envoient vers Jésus quelques-uns de leurs disciples avec des gens du parti d'Hérode. Ces gens-là disent à Jésus : « Maître, nous le savons, tu dis la vérité. Tu enseignes en toute vérité ce que Dieu nous demande de faire. Tu n'as peur de personne, parce que tu ne regardes pas l'importance des gens.

17 Dis-nous donc ce que tu penses : est-il permis ou non de payer l'impôt à l'empereur romain ? »

18 Mais Jésus connaît leur méchanceté et il leur dit : « Hommes faux ! Pourquoi est-ce que vous me tendez un piège ?

19 Montrez-moi l'argent qui sert à payer l'impôt ! » Ils lui apportent une pièce d'argent.

20 Jésus leur dit : « Sur cette pièce, il y a l'image et le nom de quelqu'un. De qui donc ? »

21 Ils lui répondent : « De l'empereur. » Alors Jésus leur dit : « Eh bien, rendez à l'empereur ce qui est à l'empereur. Et rendez à Dieu ce qui est à Dieu. »